TOROLALANA HO AN' NY

# MPITARIKA NY FISORONANA SY NY VONDRONA MPIKAMBANA

TOROLALANA HO AN' NY

# MPITARIKA NY FISORONANA SY NY VONDRONA MPIKAMBANA

Navoakan'
ny Fiangonan' i Jesoa Kristy ho an' ny Olomasin' ny Andro Farany
Salt Lake City, Utah

© 1992, 2001 an' ny Intellectual Reserve, Inc.
Zo rehetra voatokana
Natonta tany Etazonia Amerika

Fankatoavana ny amin' ny teny anglisy: 3/01
Fankatoavana ny fandikan-teny: 5/01

Fandikana ny *Priesthood and Auxiliary Leader's Guidebook*
Malagasy

# Votoatiny


| | |
|---|---|
| Fampidirana | 1 |
| Fisoronana | 5 |
| Vondrona mpikambana | 14 |
| Fandaharam-pampianarana sy fampivoarana ny mpampianatra | 19 |
| Fitarihana | 21 |
| Fahazoana fitaovam-piangonana sy fampahalalana misy momba ny tetiaram-pianakaviana | 27 |


## Fanapariahana

Ny Torolalana ho an' ny *mpitarika* ny *fisoronana* sy *ny vondrona mpikambana* dia natao ho an' ny mpitarika ny fisoronana sy ny vondrona mpikambana izay vaovao ao amin' ny Fiangonana ary tsy dia mahafantatra loatra ny Fiangonana. Hanampy ihany koa ireo mpitarika any amin' ny faritra efa tafapetraka tsara izany. Manazava fitsipika sy fanazarana izay hanampy ny fisoronana sy ny mpitarika ny vondrona mpikambana hanantontosa ny antsony izany.

# Fampidirana

Nanomana ity torolalana ity ny Fiangonana hanampiana ny mpitarika ny fisoronana sy ny vondrona mpikambana hahafantatra ny andraikiny amin' ny antsony sy ny fomba hanatontosany izany. Ny mpitarika rehetra sy ireo mpikambana hafa ao amin' ny Fiangonana dia tsy maintsy manatanteraka ny asa nanirahana ny Fiangonana, izany hoe manasa ny olona rehetra "hanatona an' i Kristy, ary hatao tanteraka ao aminy" (Môrônia 10: 32). Mba hanatanterahana an' io asa nanirahana io, ny mpitarika dia manampy ireo mpikambana mba:

- Hitory ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy amin' ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra. Zarao amin' ny alalan' ny fijoroana ho vavolombelona araka ny fanentanan' ny fanahy ny Filazantsara.
- Manatanteraka ny Olomasina. Ampio ireo olona vaovao vao niova fo ao amin' ny fiangonana amin' ny fananana toky fa manana namana sy fanendrena ary voafahana amin' ny teny soan' Andriamanitra izy ireo. Ampio izy handray ireo ôrdônansy ary hanao ireo fanekempihavanan' ny Filazantsara, hiezaka hitandrina ny didy toy izay efa nampanantenainy, hanompo ireo namany, hiahy ny mahantra sy ny sahirana, ary hifampihavana mba hankaherezana sy hampiraisana ny Olomasina.
- Manavotra ny maty. Mitady ireo razambe efa nodimandry ary manatanteraka ireo ôrdônansin' ny tempoly ho azy ireo araka izay azo atao hiomanana amin' ny fisandratana faratampon' ny fianakaviana.

## Mizara ny Filazantsara



Miangavy ny mpikambana ao amin' ny Fiangonana mba hizara ny filazantsara ny Tompo. Tokony hanao izany koa ireo mpitarika ary tokony handrisika sy hanentana ireo mpikambana hafa hanao izany koa. Ireto ny fomba sasany hizarana ny Filazantsara:

- Maneho ohatra tsara amin' ny fiaina ny fitsipiky ny filazantsara.
- Milaza amin' ny namana sy ny fianakaviana ny momba ny

Filazantsara sy ireo fitahiana nentin' izany teo amin' ny fiainany.

- Manohana ireo misiônera amin' ny fotoana maharitra .
- Manomana fiaraha-mientana sy tetik' asa hampahalalana ny hafa ny filazantsara.

Ny fomba hafa hizarana ny Filazantsara dia ny fanampiana ny mpikambana hiomana hanao asa fitoriana amin' ny fotoana maharitra. Afaka manampy ny tanora hiomana hanompo, hanentana ny ray amandreny hanomana ny zanany ho amin' ny asa fitoriana, ary hanomana ireo mpivady efa misotro ronono hanao asa fitoriana ny mpitarika. Ankoatr' izany, dia afaka manoro hevitra ireo mpikambana hanangom-bola handoavana ny asa fitoriana hataony sy hanohana ara-bola ireo misiônera izy.

Eo ambany fitarihan' ny filohan' ny sampana, ny mpitarika ny misiona ao amin' ny sampana (raha efa voantso) no mandrindra ny asa fitoriana ao amin' ny sampana.

## Manao izay hahatanteraka ny Olomasina

Anisan' ny fanatanterahana ny Olomasina ny fanentanana sy fanampiana ny mpikambana tsirairay hiaina ny filazantsara isan' andro mba hiomana ho amin' ny fisandratana faratampony. Sady eo amin' ny lafiny ara-panahy no eo amin' ny ara-nofo ny fanatanterahana ny Olomasina.

**Fiomanana ara-panahy**



Tokony hangataka aingam-panahy mandrakariva ny mpitarika mba hahafantatra ny fomba hanampiana ireo mpikambana hampitombo ny heriny ara-panahy. Afaka manampy ny mpikambana hiomana ara-panahy ny mpitarika amin' ny fampianarana azy ireo ny Filazantsara ary amin' ny fandrisihana azy hiaina izany. Tokony hanentana ny mpikambana hanakaiky ny Tompo amin' ny alalan' ny fivavahana, fifadiankanina, fandraisana ny Fanasan' ny Tompo ary fianarana ny soratra masina sy ny fampianaran' ireo mpaminanin' ny andro farany izy ireo. Tokony hanome fotoana ahafahana manompo izy ireo, hahazo toky fa mankahery ny fivoriana ao am-piangonana, ary haneho fitiavana amin' ny fanompoana ny mpikambana tsirairay.

Tokony hiompana amin' ny tsirairay sy amin' ny fianakaviana ny ezaka hanatanterahana ny Olomasina. Mankahery sy manohana ny fianakaviana sy ny tokantrano ny Fiangonana. Ny tokantrano no toerana tena manan-danja hampianarana ny Filazantsara sy ny fitarihana. Tokony hanentana ny fianakaviana hifankatia sy hifanompo ny mpitarika ary tokony hanantitrantitra fa manana andraikitra hampianatra ny Filazantsara ny zanany sy hanao takarivan' ny mpianakavy tsy tapaka ny ray aman-dreny.

Tokony hiomana handray ny fitahian' ny tempoly ny mpikambana rehetra ao amin' ny Fiangonana. Hita ao amin' ny *Torolalana ho an' ny Fianakaviana* (31180 654) ny andraikitry ny fianakaviana amin' ny fanaovana izany. Afaka manampy ny mpikambana hiomana handray ireo fitahian' ny tempoly amin' ny fampianarana azy ireo ny momba ny tempoly ny mpitarika. Ny mpitarika dia tsy maintsy manentana ny mpikambana hiaina amim-pahamendrehana mba hahazo sy hanana hatrany ny fanomezan-dalana manan-kery hidirana any amin' ny tempoly sy mba handray ny fanafiana masina ho azy any amin' ny tempoly sy ny ôrdônansy mamehy any amin' ny tempoly raha ilaina. Ny olona mendrika dia izay nanao fanekempihavanana tamin' ny Tompo, toy ny fanekempihavanana tamin' ny batisa, ary miezaka amim-pahazotoana mitandrina ireo fanekempihavanana ireo.

### Fiomanana ara-batana sy ara-nofo

Afaka manampy ny mpikambana hiomana hanome fahafaham-po izay ilain' ny vatana sy ny nofo ny mpitarika amin' ny fampianarana azy ireo hahavita tena ary hiomana amin' ny toe-javatra tsy ampoizina. Afaka mampianatra ny mpikambana hiaina ny lalàn' ny fahafolonkarena sy ny lalàn' ny fifadiankanina ny mpitarika, hanentana azy hiaina araka ny eo am-pelatanany, ary manendry mpampianatra sy mpamangy isan-tokantrano hiahy sy hanampy azy ireo.

Tokony hitady sy hanampy hikarakara ireo mahantra sy sahirana ao amin' ny sampana ny mpitarika ary hampianatra ny mpikambana ao amin' ny sampana hanao toy izany koa.

Ho fampahalalana hafa momba ny fomba ahafahan' ny fianakaviana manome fahafaham-po izay ilain' ny vatany, dia jereo ny *Torolalana ho an' ny fianakaviana*.

## Ôrdônansin' ny Tempoly sy tetiaram-pianakaviana

Ho fanampin' ny fahazoany ny ôrdônansin' ny tempoly ho azy ireo, dia afaka manampy amin' ny fanavotana ny maty amin' ny alalan' ny fitadiavana ireo razambeny sy ny fanatanterahana ireo ôrdônansin' ny tempoly



ho azy ireo ny mpikambana. Amin' ny voalohany dia tokony hifantoka amin' ireo taranaka efatra mifandimby tany alohany izy ireo. Afaka manampy ny mpikambana amin' ny fampianarana azy ireo ny fotopampianarana momba ny fanavotana ny maty ny mpitarika, manentana azy ireo hanolotra anarana ho amin' ny asan' ny tempoly, ary amin' ny fanentanana azy ireo hanatanteraka ny ôrdônansin' ny tempoly, raha azo atao, ho an' ny razambeny sy ho an' ireo hafa izay efa nodimandry.

# Fisoronana



Hery sy fahefan' Andriamanitra ny fisoronana. Amin' ny alalan' izany no anatanterahany ny asany sy ny voninahiny, dia ny "hanatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay ho an' ny olona" (Mosesy 1:39). Mamela ireo lehilahy mpikambana mendrika ao amin' ny Fiangonana hihazona ny fisoronany i Jesoa Kristy. Rehefa tendrena ho amin' ny fisoronana izy ireo, dia azo omena lalana hanao ny asan' ny Tompo, toy ny fitoriana ny Filazantsara, fanatanterahana ireo ôrdônansin' ny fisoronana, ary fanompoana, araka ny iantsoana azy, ao amin' ny fanjakan' Andriamanitra etỳ an-tany.

"Ao amin' ny Fiangonana dia misy fisoronana roa, antsoina hoe Melkizedeka sy Aharôna" (F&F 107:1). Naverin' ireo iraka avy any an-danitra eto an-tany indray tamin' ny alalan' ny Mpaminany Joseph Smith ny fahefan' ny fisoronana.

## Fisoronan' i Melkizedeka

Ny fisoronan' i Melkizedeka dia fisoronana ambony indrindra. Avy tamin' ny anaran' ny Mpisoronabe iray tamin' ny fotoan' i Abrahama no niantsoana azy (Jereo F&F 107:2–5). Ireo rahalahy izay mihazona an' io fisoronana io dia manana hery sy fahefana hihazona toerana mpitarika ao amin'

ny Fiangonana ary hitarika ny fitoriana ny filazantsara. Afaka miahy ny misiona, distrika, sampana, ary kolejy izy ireo, raha voantso hanao izany.

Alohan' ny hanendrena lehilahy iray ho amin' ny anjara fanompoana ao amin' ny fisoronan' i Melkizedeka, dia tsy maintsy manana ny Fisoronan' i Melkizedeka aloha izy. Rehefa izany dia tendrena ho amin' ny anjara fanompoana iray ao amin' izany fisoronana izany izy. Ireo anjara fanompoana ireo dia: loholona, mpisoronabe, patriarka, fitopololahy ary apôstôly. Ireo mpitarika ny fisoronana ao amin' ny misiona na distrika dia mandamina ireo rahalahy izay mihazona ny Fisoronan' i Melkizedeka ho ao amin' ny Kôlejin' ny loholona ao amin' ny misiona na distrika. Ny filoha no miahy ny Kôlejin' ny loholona tsirairay. Mampianatra ireo mpikambana ao amin' ny Kôlejy ny andraikiny sy manentana ny firahalahiana eo anivon' ny mpikambana ao amin' ny Kôlejy izy. Mpikambana ao amin' ny Kôlejin' ny loholona avokoa ireo rahalahy ao amin' ny sampana izay mihazona ny Fisoronan' i Melkizedeka.

**Loholona sy Fiadidiana ny Kôlejin' ny loholona**

Manana andraikitra hampianatra, hanazava, hanao batisa ary hiahy ny Fiangonana ireo loholona. Ankoatra ny fananana fahefana sy andraikitra ao amin' ny anjara fanompoana ao amin' ny Fisoronan' i Aharôna, ny loholona dia afaka manome ny fanomezana ny Fanahy Masina, mametratanana amin' ny marary ary manatanteraka ireo ôrdônansy hafa (jereo ny "Ôrdônansy sy fitahian' ny Fisoronana" ao amin' ny *Torolalana ho an' ny fianakaviana*). Rehefa nahazo lalana tamin' ny mpitarika azy ao amin' ny fisoronana ny loholona, dia afaka miahy ny fivoriam-piangonana, rehefa tsy eo ny mpisoronabe nahazo lalana. (Jereo F&F 20:42–45; 107:11).

Rehefa manana olona mendrika izay mihazona ny Fisoronan' i Melkizedeka ny sampana, dia afaka manangana kôlejin' ny loholona ao amin' ny sampana ny fiadidian' ny misiona na distrika, araka ny fitarihan' ny Fanahy, miantso sy manokana filohan' ny kôlejy avy amin' ny mpikambana ao amin' ny kôlejy. Rehefa mitombo ny isan' ny loholona ao amin' ny sampana, dia azon' ny fiadidian' ny misiona atao ny miantso sy manokana mpanolotsaina anankiroa ho an' ilay filohan' ny kôlejin' ny loholona. Mety hisy hatrany amin' ny mpikambana 96 ao amin' ny kôlejin' ny loholona. Ny kôlejy dia manome ohatra fanampiana, ary fitarihana ho an' ireo ray sy ireo mpikambana hafa ao amin' ny kôlejy.

Miasa eo ambany fitarihan' ny Filohan' ny distrika na misiona ny filohan' ny kôlejin' ny loholona ary

manao tatitra aminy. Miasa eo ambany fitarihan' ny filohan' ny sampana ihany koa ny kôlejin' ny loholona amin' ny maha-mpikambana azy ao amin' ny komity mpanatanteraky ny fisoronana ao amin' ny sampana ary amin' ny maha-mpikambana azy ao amin' ny filan-kevitry ny sampana. Miahy ny mpikambana ao amin' ny kôlejy ao amin' ny sampana ny filohan' ny kôlejy ary maneho ohatra ho azy ireo. Miara-miasa amin' ny filohan' ny sampana izy handrindra sy hanatanteraka ny fampianarana isan-tokantrano mba hahazoana toky fa mampitoetra ny fifandraisana mavitrika amin' ny mpikambana rehetra ao amin' ny sampana ny Fiangonana.

Mampianatra ny mpikambana ao amin' ny kôlejy ny Filazantsara sy ny andraikiny ao amin' ny Fisoronan' i Melkizedeka ny filohan' ny kôlejy. (Jereo F&F 107:89). Manentana azy ireo hanompo amim-pifaliana sy amim-panetrentena izy, indrindra amin' ny andraikiny amin' ny mahavady sy ray azy. Mampianatra azy ireo ny fomba hanatanterahana ireo ôrdônansin' ny fisoronana izy, ary manao drafitra momba ny asa fanompoana sy fiaraha-mientana, izay hanampy ny mpikambana sy hanorina firahalahiana ao amin' ny kôlejy. Tomponandraikitra amin' ny mahasoa ny mpikambana ao amin' ny kôlejy izy eo amin' ny ara-panahy sy ara-nofo.

Manendry ireo mpampianatra isan-tokantrano izay mihazona ny Fisoronan' i Melkizedeka sy olon-dehibe (19 taona no ho miakatra) izay mihazona ny Fisoronan' i Aharôna ny filohan' ny kôlejy, ary miaraka amin' ny fankatoavan' ny filohan' ny sampana, dia tendreny ho mpampianatra isan-tokantrano ireo zatovolahy izay mpampianatra sy mpisorona ao amin' ny fisoronan' i Aharôna. Tendrena hiaraka tsiroaroa mandritra ny tafa sy dinika mitokana ireo mpamangy isan- tokantrano. Rehefa ankasitrahan' ny filohan' ny sampana, dia azon' ny filohan' ny kôlejy atao ny manendry ny vadin' ilay lehilahy izay mihazona ny Fisoronan' i Melkizedeka hiaraka amin' ny vadiny amin' ny famangiana, raha ilaina manokana ny mpivady.

Mampianatra ny tanjon' ny famangiana isan-tokantrano (jereo pejy 6–7) ny mpikambana ao amin' ny kôlejy ny filohan' ny kôlejy ary manentana azy ireo hanatanteraka izany tsara. Manao tafa sy dinika tsy tapaka amin' ireo mpamangy isan-tokantrano ny mpikambana iray ao amin' ny Fiadidian' ny kôlejy mba hahazoana ny isan' ny famangiana nataony sy hahafantarana izay ilain' ny mpikambana.

Manara-maso ny fampianarana isan-tokantrano ny filohan' ny kôlejin' ny loholona ary mampahafantatra ha-

trany ny filohan' ny sampana ny momba ny fampianarana isan-tokantrano sy ny momba ny ilain' ny mpikambana sy ny olany izay fantatra tamin' ny alalan' ny fitsidihana mandritra ny fampianarana isan-tokantrano.

Manentana ireo mpikambana ao amin' ny kôlejy handray anjara amin' ny fivoriam-piangonana sy ny fiaraha-mientana ary hanao asa fanompoana ny filohan' ny kôlejy. Manampy ireo lehilahy mbola tsy notendrena sy ireo mihoatra ny 18 taona izay mihazona ny Fisoronan' i Aharôna hiomana handray ny Fisoronan' i Melkizedeka sy ireo ôrdônansin' ny tempoly ny filohan' ny kôlejy. Manampy amin' izany ezaka izany ireo mpampianatra isan-tokantrano, saingy matetika ny filoha no tokony hiasamanokana ho an' ny mpikambana ao amin' ny kôlejiny.

**Mpisoronabe, Patriarka, Fitopololahy ary Apôstôly**

Ho fampahalalana momba ny anjara fanompoan' ny mpisoronabe, patriarka, fitopololahy ary apôstôly, dia jereo ny *Fitsipiky ny Filazantsara,* fizarana faha-14.

**Fampianarana isan-tokantrano**

Rahalahy izay mihazona ny fisoronana ary voantso hanampy ny mpitarika ny fisoronana hiahy sy hankahery ireo mpikambana ao amin' ny sampana ny mpampianatra isan-tokantrano. Afaka manompo ho mpampianatra isan-tokantrano ireo lehilahy mihazona ny Fisoronan' i Melkizedeka sy ny Fisoronan' i Aharôna, ankoatra ny diakona.



Tokony hamangy tsy tapaka ireo mpikambana ny mpampianatra isan-tokantrano, maneho fitiavana azy ireo, mampianatra azy ireo ny Filazantsara, ary manasa azy ireo hanatona an' i Kristy. Tokony handrisika ny ray hivavaka sy hikarakara tsara ny fianakaviany ny mpampianatra isan- tokantrano. Manampy ireo mpikambana amin' ny fotoan' ny aretina, fahafatesana, fanirery, tsy fananana asa, ary amin' ny fotoana izay ilàna fanampiana manokana hafa ny mpampianatra isan- tokantrano. (Jereo F&F 20:51, 53, 59).

Misolo-tena ny Tompo ny filohan' ny sampana ary ny filohan' ny kôlejy ny mpampianatra isan- tokantrano rehefa mamangy ireo fianakaviana notendrena hovangiany. Fantariny ny mahaliana sy ny ilain' ny olona ao

amin' ny fianakaviana ary asehony ny firaharahiana azy ireo. Eo ambanin' ny fitarihan' ny fanahy, dia mikatsaka ny hampianatra ny Filazantsara sy hampivoatra ary hanamafy ny finoan' ny olon-tokana sy ny olona ao amin' ny fianakaviana tsidihany ny mpampianatra isan- tokantrano. Raha azo atao, dia tokony hanana namana miaraka aminy ny mpampianatra isan- tokantrano tsirairay.

Ny mpampianatra isan-tokantrano dia:

- Mifandray tsy tapaka amin' ireo mpikambana tsirairay nankinina taminy.
- Mandray ny ray( na ny reny na ny mpikambana mbola tsy manambady raha tsy ao an-tokantrano ny ray) ho lohan' ny fianakaviana ary hanampy azy hitarika ny olona ao amin' ny fianakaviany amin' ny diany mankany amin' ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizay.
- Manampy ireo mpikambana hanana finoana an' i Jesoa Kristy amin' ny fizarana ny hafatra avy ao amin' ny soratra masina na avy amin' ireo mpaminany velona, izay hita ao amin' ny *Hafatra avy amin' ny Fiadidiana Voalohany*, ao amin' ny *Liahona*.
- Miara mivavaka sy mitso-drano ireo olona tsidihany.
- Mampahafantatra ny fianakaviana momba ny fivoriana, ny fiarahamientan' ny sampana sy ny kôlejy ary indrindra ny tetik' asa, ary manampy azy handray anjara.
- Manao tatitra any amin' ny filohan' ny kôlejin' ny loholona (na amin' ny filohan' ny sampana raha tsy misy kôlejin' ny loholona ao amin' ny sampana) momba ny fivoaran' ny mpikambana.
- Manentana sy manampy ny olona ao amin' ny fianakaviana handray ireo ôrdônansy fototra rehetra ao amin' ny Filazantsara ary hitandrina ireo fanekempihavanana mifandray amin' izany.
- Manentana ny mpikambana hanao asa fitoriana sy tetiarana ary asa any amin' ny tempoly.

**Ireo ôrdônansy sy fitahiana**

Asa masina nambaran' ny Tompo sy tanterahin' ny fahefan' ny fisoronana ny ôrdônansin' ny Fisoronana. Omena mba hanasitranana, hampiononana ary hankaherezana ireo fitahian' ny Fisoronana. Ohatra amin' ny ôrdônansin' ny Fisoronana ny fanaovana batisa sy ny fanamasinana ary ny fizarana ny Fanasan' ny Tompo. Azon' ireo rahalahy izay mihazona ny Fisoronan' i Aharôna tanterahina ireo ôrdônansy sasany, fa ny ankamaroany kosa dia tanterahin' ireo lehilahy izay mihazona ny Fisoronan' i Melkizedeka (jereo ny "Fisoronan' i Aharôna ato amin' ity torolalana ity sy ao amin' ny

“*Torolalana ho an’ ny fianakaviana*”). Ny filohan’ ny sampana sy ny filohan’ ny kôlejin’ ny loholona dia tsy maintsy mampianatra ireo rahalahy ny fomba hanatanterahana ireo ôrdônansy. Ireo mpitarika ireo dia tokony hanampy ireo ray hiomana ary ho mendrika ny hanatanteraka ny ôrdônansy ho an’ ny olona ao amin’ ny fianakaviana. Ireo rahalahy izay manatanteraka ireo ôrdônansy sy fitahiana dia tsy maintsy manomana ny tenany amin’ ny fiaina mifanaraka amin’ ny fitsipiky ny Filazantsara sy amin’ ny fiezahana hotarihin’ ny Fanahy Masina. Tanterahiny amin’ ny fomba mendrika ny ôrdônansy sy fitahiana tsirairay. Ny ôrdônansy tsirairay dia tokony hotanterahina:

1. Amin’ ny anaran’ i Jesoa Kristy.
2. Amin’ ny alalan’ ny fahefan’ ny fisoronana.
3. Amin’ ny fomba rehetra izay ilaina, toy ireo teny mazava na diloilo masina.
4. Amin’ ny fahazoana lalana avy amin’ ny mpitarika ny fisoronana voatendry izay mihazona ny fanalahidy manankery, raha ilaina. *Ny ôrdônansy izay ilàna fahazoan-dalana avy amin’ ny mpitarika ny fisoronana dia ny fanomezana anarana sy fitsofandrano ny ankizy madinika, fanatanterahana batisa sy fandraisana ho mpikambana, fanomezana ny fisoronana sy fanendrena ho amin’ ny anjara fanompoana ao amin’ ny fisoronana, fanamasinana sy fizarana ny Fanasan’ ny Tompo, ary ny fanokanana fasana*.

Jereo ny *torolalana ho an’ ny fianakaviana* ho fampahalalana ny amin’ ireo ôrdônansy sy fitahiana voatokana.

## Fisoronan’ i Aharôna



Ny Fisoronan’ i Aharôna “dia fanampin’ ilay lehibe indrindra, na ilay Fisoronan’ i Melkizedeka” (F&F 107:4). Nantsoina tamin’ ny anaran’ i Aharôna, rahalahin’ i Mosesy izany satria nomena azy sy ny taranany. Ireo rahalahy izay mihazona ny Fisoronan’ i Aharôna dia manana fahefana hanatanteraka ôrdônansin’ ny Fisoronana sasantsasany. Ny mpisorona dia afaka manatanteraka batisa, manamasina ny Fanasan’ ny Tompo ary manendry mpisorona, mpampianatra ary diakona. Afaka mikarakara ny Fanasan’ ny Tompo ny mpisorona sy ny mpampianatra. Afaka mizara ny Fanasan’ ny Tompo ny mpisorona, ny mpampianatra ary ny diakona. (Jereo F&F 107:13–14, 20.)

Rehefa omena ny olona iray ny Fisoronan' i Aharôna, dia tendrena ho amin' ny anjara fanompoana ao amin' izany fisoronana izany izy. Diakona, mpampianatra ary mpisorona ireo anjara fanompoana ireo. Araka ny fitarihan' ny Fanahy ary araka ny isan' ny mpihazona ny fisoronan' i Aharôna ilaina, ny filohan' ny sampana, izay filohan' ny Fisoronan' i Aharôna ao amin' ny sampana, dia mandrindra ireo rahalahy izay manana ny anjara asa fanompoana mitovy ao anatin' ny kôlejin' ny diakona (12–13 taona), kôlejin' ny mpampianatra (14–15 taona) ary kôlejin' ny mpisorona (16–18 taona).

Ny filohan' ny sampana mihazona ireo fanalahidin' ny fiadidiana ny fisoronan' i Aharôna no filohan' ny fisoronan' i Aharôna ao amin' ny sampana. Izy no filohan' ny kôlejin' ny mpisorona ary afaka miantso mpisorona mendrika anankiroa hiasa ho mpanampy azy ao amin' ny kôlejin' ny fisoronana. Afaka miantso mpampianatra mendrika iray sy diakona mendrika iray izy hanompo ho filohan' ny kôlejin' ny mpampianatra sy filohan' ny kôlejin' ny diakona. Afaka miantso mpanolotsaina roa ho an' ny kôlejin' ny mpampianatra sy ny kôlejin' ny diakona izy na ny mpanolotsaina voatendry mba hamenoana ny fiadidiana ireo kôlejy ireo. Rehefa ampy ny isan' ny zatovolahy ao amin' ny kôlejy, dia azon' ny Fiadidian' ny sampana atao ny miantso zatovolahy iray isaky ny kôlejy hiasa ho mpitan-tsoratry ny kôlejy. Manokana ny mpanampy azy ao amin' ny kôlejin' ny mpisorona sy ao amin' ny Fiadidian' ny kôlejin' ny mpampianatra sy ny diakona ny filohan' ny sampana. Ny mpikambana ao amin' ny Fiadidian' ny sampana no manokana ireo mpanolotsaina ao amin' ny Fiadidian' ny kôlejy sy ireo mpitan-tsoratra.

Aorian' ny fotoam-panokafana ny fivorian' ny fisoronana, ny fisoronan' i Aharôna dia mivory eo ambany fitarihan' ny filohan' ny sampana. Tsy miaraka amin' ireo izay mihazona ny Fisoronan' i Melkizedeka,

Rehefa manangana ny kôlejin' ny Fisoronan' i Aharôna ny filohan' ny sampana dia miantso sy manokana ny lehilahy iray izay mihazona ny Fisoronan' i Melkizedeka na anjara fanompoan' ny mpisorona ao amin' ny Fisoronan' i Aharôna hiasa ho Filohan' ny Zatovolahy. Miasa miaraka amin' ny filohan' ny sampana sy ny Fiadidian' ny kôlejin' ny Fisoronan' i Aharôna ny filohan' ny Fiadidian' ny Zatovolahy mba hanampy ny mpikambana tsirairay ao amin' ny kôlejy hanamafy ny finoany an' i Jesoa Kristy ary hampitombo ny fahatakarany sy ny fanoloran-tenany hiaina mifanaraka amin' ny fitsipiky ny Filazantsara tafaverina indray.

Ny tanjon′ ny Fisoronan′ i Aharôna dia ny hanampy ny olona tsirairay ho voatendry ao amin′ izany fisoronana izany mba:

- Hiova fo amin′ ny Filazantsaran′ i Jesoa Kristy sy hiaina araka ny fampianarana ao anatiny.
- Hanompo amim-pahatokiana ao amin′ ny antson′ ny fisoronana ary hanatanteraka ireo andraikitra ao amin′ ny anjara fanompoan′ ny fisoronana tsirairay.
- Hanome lanja ny asa fanompoana.
- Hiomana sy hiaina amim-pahamendrehana mba handray ny Fisoronan′ i Melkizedeka sy ireo ôrdônansin′ ny tempoly.
- Hiomana hanao asa fitoriana mendrika amin′ ny fotoana maharitra.
- Hahazo fanabeazana araka izay tratra ary hiomana ho tonga vady sy ray mendrika.
- Hanome haja tanteraka ny vehivavy, ankizivavy, ary ny ankizy.

Miara-miasa amin′ ny Fiadidian′ ny kôlejin′ ny Fisoronan′ i Aharôna ny filohan′ ny sampana mba hamolavola ny fivorian′ ny kôlejy, tetik′ asam-panompoana ary fiaraha-mientana hanampy ny fanatanterahana ireo tanjona ireo. Atao hanome tontolo iainana mahasoa izay ahafahan′ ny zatovolahy maka namana, manao asa fanompoana ary mampivelatra fahaiza-manao miaraka amin′ ny hafa izay manana finoana sy fitsipika mitovy amin′ ny azy ireo fiaraha-mientana ireo.

Afaka mamolavola fiaraha-mientana iarahan′ ny Fisoronan′ i Aharôna sy ny Zatovovavy, eo ambany fanarahamason′ ny filohan′ ny sampana ny mpitarika ny Fiadidian′ ny kôlejin′ ny Fisoronan′ i Aharôna sy ny fiadidian′ ny kilasin′ ny Zatovovavy, amin′ ny fiaraha-miasan′ ny mpitarika olon-dehibe ao amin′ ny Fisoronan′ i Aharôna sy ny Zatovovavy. Antsoina hoe Iombonana izany fiaraha-mientana iarahana izany.

### Diakona

Azo tendrena ho diakona ny zatovolahy iray mendrika izay vita batisa sy noraisina ho mpikambana, rehefa feno 12 taona izy farafahakeliny. Matetika dia asaina mizara ny Fanasan′ ny Tompo ny diakona, mikarakara ny tranom-piangonana sy ny tokontany, manampy amin′ ny fiahiana ireo ory, ary manatanteraka asa manokana, toy ny fanangonana ny fanatitra amin′ ny fifadiankanina.

Ny kôlejin′ ny diakona iray dia mety hisy hatrany amin′ ny diakona 12 (jereo F&F 107:85).

### Mpampianatra

Azo tendrena ho mpampianatra ny zatovolahy iray mendrika rehefa feno

14 taona farafahakeliny. Ho fanampin' ny fahefana sy ny andraikitra rehetra ananan' ny diakona, dia mikarakara ny Fanasan' ny Tompo sy manompo amin' ny maha-mpampianatra isan-tokantrano ny mpampianatra izy.

Mety hisy hatrany amin' ny mpampianatra 24 ny kôlejin' ny mpampianatra. (Jereo F&F 107:86).

**Mpisorona**

Azo tendrena ho mpisorona ireo rahalahy mendrika rehefa feno 16 taona farafahakeliny. Amin' ny ankapobeny, ireo zatovolahy niova fo dia tendrena ho mpisorona mandra-pahazoany traikefa ampy hanendrena azy ho loholona.

Ho fanampin' ny fahefana sy ny andraikitra rehetra ananan' ny diakona sy ny mpampianatra, dia afaka manao batisa sy manatanteraka ny Fanasan' ny Tompo ary afaka mitarika fivorian' ny mpisorona, rehefa tsy misy olona mihazona ny Fisoronan' i Melkizedeka manatrika (jereo F&F 20:46–51) izy.

Mety hisy hatrany amin' ny mpisorona 48 ny kôlejin' ny mpisorona (jereo F&F 107: 87–88).

# Vondrona mpikambana



Ao amin' ny sampana, dia ny fandaminana ny fisoronana no apetraka voalohany. Rehefa mitombo ny isan' ny mpikambana ary raha misy ny mpitarika sy ny toeram-pivoriana, dia azon' ny fiadidian' ny sampana atao ny manangana vondrona mpikambana amin' ny fisoronana raha hitany fa ilaina izany. Ny vondrona mpikambana dia ny Fikambanana Ifanampiana, ny Zatovolahy, ny Zatovovavy, ny Kilonga, ary ny Sekoly Alahady.

Mandra-pananan' ny sampana vehivavy ampy, zatovovavy ary ankizy ampy mba hizara ho vondrona mpikambana mitsitokantokana, dia miara-mivory eo ambany fitarihan' ny filohan' ny Fikambanana Ifanampiana izy ireo amin' ny fampianarana.

## Fikambanana Ifanampiana

Manampy ny mpitarika ny fisoronana amin' ny fanentanana ny tovovavy (18 taona no ho miakatra) hanana finoana ny Tompo Jesoa Kristy ny Fikambanana Ifanampiana. Ny Fikambanana Ifanampiana dia manampy ny vehivavy sy ny fianakaviany hanatona an' i Kristy sy hiaina amim- pahamendrehana handray ny fitarihan' ny Fanahy Masina. Ny rahavavy ao amin' ny Fikambanana Ifanampiana dia mampianatra sy mianatra ny fotompampianaran' ny

Filazantsara, manao asa fiantrana, mampivoatra ny fahaizana mikarakara tokantrano, manamafy ny fifandraisan' ny fianakaviana, ary manompo sy manohana ny rahavavy tsirairay.

Rehefa misy vehivavy roa mpikambana farafahakeliny ao amin' ny sampana, dia afaka manangana ny Fikambanana Ifanampiana ny filohan' ny sampana. Eo ambany fitarihan' ny filohan' ny sampana, ny filohan' ny Fikambanana Ifanampiana dia:

- Miahy na mitarika ny kilasin' ny vehivavy lehibe (18 taona no ho miakatra) amin' ny Alahady rehefa any amin' ny fivorian' ny fisoronana ireo lehilahy sy zatovolahy.
- Miasa miaraka amin' ny filohan' ny sampana mba hilaza aminy ny momba ny zavatra ilaina sy ny fiaraha-mientan' ny vehivavy, zatovovavy, ary ankizy.
- Hanampy ny filohan' ny sampana hahafantatra sy hikarakara ireo fiizay sahirana.

## Zatovolahy

Jereo ny "Fisoronan' i Aharôna" ao amin' ny pejy 10–13 ato amin' ity torolalana ity.

## Zatovovavy



Ny filohan' ny sampana dia manana andraikitra tokoa amin' ny zatovovavy 12 ka hatramin' ny 18 taona toy ny amin' ny zatovolahy eo amin' izany taona izany.

Ny fikambanana Zatovovavy dia manampy ny zatovovavy (12 ka hatramin' ny 17 taona) hiova fo amin' ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy, hanaja ny ray aman-dreniny, hiomana hanao sy hitandrina fanekempihavanana masina any amin' ny tempoly, ho vady sy reny mendrika, ary hanome tanana. Mandray fampianaran' ny Filazantsara ny zatovovavy mandritra ny fivoriana Alahady sy ny fiaraha-mientana andavanandro.

Tsy miara-mivory amin' ny Fikambanana Ifanampiana ny zatovovavy 12 ka hatramin' ny 17 taona rehefa mahita ny filohan' ny sampana fa ampy ny zatovovavy ao amin' ny sampana. Afaka mandamina azy ireo ho kilasin' ny Renintantely (12–13 taona),

Raozidia (14–15 taona) ary Ravintsara (16–17 taona). Afaka miantso sy manokana zatovovavy roa amboniny ho mpanolotsain' ny filoha tsirairay ary mpitan-tsoratry ny kilasy amin' ny fiadidiana ny mpikambana iray ao amin' ny sampana rehefa ampy ny zatovovavy ao amin' ny kilasy.

Eo ambany fitarihan' ny filohan' ny sampana, ny fiadidian' ny Zatovovavy (olon-dehibe) dia miara-miasa amin' ny fiadidian' ny sampana sy fiadidian' ny kilasin' ny Zatovovavy (ankizivavy) mba hanamafy ny finoan' ny zatovovavy tsirairay an' i Jesoa Kristy ary mba hampitombo ny fahatakarany sy ny fanoloran-tenany hiaina hifanaraka amin' ny fitsipiky ny Filazantsara tafaverina indray. Afaka manampy amin' ny fahatrarana ireo tanjona ireo ny fampianarana ny Filazantsara amin' ny Alahady sy ny fiaraha-mientana tsara andavanandro.

Afaka mamolavola fiaraha-mientana iarahan' ny Fisoronan' i Aharôna sy ny Zatovovavy eo ambany fanarahamason' ny filohan' ny sampana ny fiadidiana ny kôlejin' ny Fisoronan' i Aharôna sy ny fiadidiana ny kilasin' ny Zatovovavy, amin' ny fiaraha-miasan' ny mpitarika olon-dehibe ao amin' ny Fisoronan' i Aharôna sy ny Zatovovavy. Antsoina hoe Iombonana izany fiaraha- mientana iarahana izany.

## Kilonga



Ny Kilonga dia mampianatra ny ankizy (3 ka hatramin' ny 11 taona) ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy ary manampy azy hianatra hiaina izany. Ao amin' ny Kilonga, ny ankizy dia mahatsapa fandraisana tsara, mahatsapa ny fitiavan' ny Mpamonjy ary mahatsapa ny hafaliana entin' ny Filazantsara.

"Ny lohahevitra voizina ao amin' ny Kilonga dia: "Ary hampianarin' ny Tompo avokoa ny zanakao; ary ho lehibe ny fiadanan' ny zanakao" (3 Nefia 22:13). Manampy ireo mpitarika ny fisoronana hanatanteraka ny asa nanirahana ny Fiangonana ny Kilonga amin' ny fanentanana ny ankizy hianatra ny soratra masina, hivavaka, ary hanaraka ny ohatra nasehon' ny Mpamonjy. Ny tanjon' ny Kilonga dia ny:

- Hampianatra ny ankizy fa zanak' Andriamanitra izy ireo ary tia azy ireo ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy.

- Hanampy ny ankizy ho tia ny Ray any an-danitra sy i Jesoa Kristy.
- Hanampy ny ankizy hiomana hatao batisa, handray ny Fanahy Masina ary hitandrina ny fanekempihavanana sy ny fampanantenana nataony tamin' ny batisa.
- Hanampy ny ankizy hitombo ao amin' ny fahatakarany ny drafitry ny Filazantsara sy hanome fahafahana azy ireo hiaina ny fitsipiky ny Filazantsara.
- Hanampy ny ankizilahy hiomana handray ny fisoronana sy ho mendrika hampiasa ny fisoronana hitahiana sy hanompoana ny hafa.
- Hanampy ny ankizivavy hiomana ho zatovovavy marina, hahatakatra ireo fitahian' ny fisoronana sy ny tempoly, ary hanompo ny hafa.

Manampy ny ray aman-dreny hampianatra ny zanany ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy ny mpitarika ny Fisoronana sy ny Kilonga ary ny mpampianatra, rehefa mikatsaka sy tarihin' ny Fanahy izy ireo. Ny ankizy tsirairay ao amin' ny Kilonga dia mila tiavin' ny mpampianatra sy mpitarika mahakolokolo, indrindra ireo ankizy izay avy amin' ny tokantrano tsy ahitana fanohanana mafy ny fiaina ny Filazantsara.

Rehefa ampy ny isan' ny ankizy, dia tsy miara-mivory amin' ny vehivavy sy ny zatovovavy izy amin'ny kilasy fampianarana sy fotoana ifanakalozana mandritra ny fotoan' ny Sekoly Alahady sy mandritra ny fotoana ho an' ny Fikambanana Ifanampiana sy ny Zatovovavy. Afaka mamolavola fiaraha-mientana tsindraindray ho an' ny ankizy ao amin' ny Kilonga amin' ny andavanandro ankoatra ny Alahady ireo Sampana. Hita any amin' ny mpitarika ny fisoronana ny fampahalalana hafa momba ny fotoana ifanakalozana sy ny fiaraha-mientana andavanandro.

## Sekoly Alahady

Manampy ny mpikambana sy ny naman' ny Fiangonana 12 taona no ho miakatra hianatra ny Filazantsaran' i Jesoa Kristy sy hiaina hifanaraka amin' ny fitsipiky ny Filazantsara amin' ny alalan' ny fanomezana herim-panahy sy fampianarana mandritra ny fivoriana Alahady ny Sekoly Alahady. Ny mpampianatra ao amin' ny Sekoly Alahady dia manentana ny mpikambana:

- Hianatra ny soratra masina
- Hankatò ny didy
- Handray ireo ôrdônansy manandanja ary hitandrina ireo fanekempihavanan' ny Filazantsara mifandray amin' izany.

Manara-maso ny Sekoly Alahady ny fiadidian' ny Sekoly Alahady. Ny filoha dia manolotra mpampianatra to-

kony hahefa any amin' ny filohan' ny sampana. Miantso sy manokana ireo mpampianatra hampianatra ny kilasin' ny Sekoly Alahady ny Filohan' ny sampana. Miara-mivory ny tanora sy ny olon-dehibe raha vitsy an' isa izy ireo, saingy rehefa misy tanora sy olon-dehibe maro, dia afaka tsy miara-mivory izy ireo mandritra ny fampianarana.



# Fandaharam-pampianarana sy fampivoarana ny mpampianatra




## Fandaharam-pampianarana

Manome fitaovam-pianarana ho an' ny vondrona mpikambana sy ny Kôlejin' ny fisoronana ny Fiangonana. Manome torolalana momba ireo fitaovana ampiasaina isan-taona ny Fiadidiana ny Vondrom-paritra. Ny torolalana dia omena miaraka amin' ny fitaovana alefa isan-taona avy any amin' ny foibe fanapariahana na sampandraharahan' ny Fiangonana. Ny *filazalazana ny momba ny fandaharam-pampianarana ho an' ny mpitarika ny fisoronana sy ny vondrona mpikambana mivoaka* [*Information for Priesthood and Auxiliary Leaders on Curriculum* (36363)], izay any amin' ireo mpitarika ny fisoronana, dia ahitana ny momba ny fandaharam-pampianaran' ny Fiangonana. Entanina ireo mpitarika sy mpampianatra tsy hampiasa afa-tsy ny fitaovam- pampianaran' ny Fiangonana nankatoavina ary hisoroka ny fampiasana fitaovana izay tsy vokarina sy tsy varotan' ny Fiangonana.

Ny *Hafatra avy amin' ny Fiadidiana Voalohany*, ny *hafatra amin' ny famangiana isan- tokantrano* ary ny lahasoratra mivoaka ao amin' ny *Liahona* dia manome fitaovana hanavaozana sy hanatsarana ny lesona ao amin' ny boky fampianarana. Vita printy sy amin' ny endrika elektrônika ao amin' ny Site Internet ara-dalàna an' ny Fiangonana, www.lds.Org ireo fi-

taovana ireo. Any amin′ ny toerana misy *Liahona*, dia tokony hamandrika ny fianakaviana tsirairay ao amin′ ny sampana.

## Fampivoarana ny mpampianatra

Manana andraikitra masina hampianatra ny Filazantsaran′ i Jesoa Kristy ny ray aman-dreny, mpitarika, ary mpampianatra. Amin′ ny alalan′ ny ezaka ataon′ izy ireo no ahafahan′ ny hafa mianatra ny fomba ampiharana ireo fahamarinan′ ny Filazantsara eo amin′ ny fiainany andavanandro. Hoy ny Tompo: "Omeko didy ianareo mba hifampianatra ny fotopampianaran′ ny fanjakana. Mampianara amim-pahazotoana dia ho aminareo ny fahasoavako" (F&F 88:77–78).

Tompon′ andraikitra amin′ ny hatsaran′ ny fampianarana ao amin′ ny sampana ny fiadidian′ ny sampana. Rehefa ampy ny isan′ ny mpikambana matanjaka ao amin′ ny sampana, dia afaka miantso rahalahy na anabavy hanompo ho mpandrindra ny fampivoarana ny mpampianatra ao amin′ ny sampana ny fiadidiana.

Ho fampahalalana hafa momba ny fampivoarana ny fampianarana sy ny mpampianatra, dia jereo ny *Torolalana amin′ ny fampianarana*.



# Fomba fitantanana



## Ny ohatry ny Mpamonjy

Nametraka ohatra lafatra mba harahin' ny mpikambana amin' ny mahampitarika azy ao amin' ny fianakaviana sy ao amin' ny fiangonana ny Mpamonjy antsika, Jesoa Kristy. Tia ny Ray any an- danitra sy ireo olona notompoiny Izy. Niaina mba hanompo ny hafa Izy, nanampy sy nankahery ireo izay ory na nampahoriana, nenjehina ary nanome fanantenana ireo izay kivy.

Nahatakatra ny antsony i Jesoa ary tsy nitsahatra ny nivavaka sy nilofo tamin' ny fanatontosana izany. Nanao ny sitrapon' ny Rainy hatrany Izy ary nanome Azy ny voninahitra, tsy nitady voninahitra ho Azy. Nahafoy ny zava-drehetra ho an' ny olona Izy, nanolotra ny ainy teo amin' ny hazo fijaliana ary nanao sorona hitondra ny fahotan' ny olona rehetra.

Raha manaraka ny ohatra nasehon' ny Mpamonjy ny mpitarika, dia hampitombo ny fahafahan' izy ireo hanao ny asany Izy. Omeny aingam-panahy izy ireo hahafantatra izay tokony holazainy sy hataony (jereo F&F 100:6). Hanjary ho mpanompo akaiky Azy tokoa ireo mpitarika amin' ny fananganana ny fanjakan' Andriamanitra. Ho lasa mpianatra soratra masina izy ireo, hianatra ireo fotopampianarana sy fitsipiky ny Filazantsara, ary hiezaka hampianatra ireny ho an' ireo izay tompoiny.

## Toetra ananan' ny Mpitarika

**Finoana**

Nandritra ny asa fanompony teto antany, dia nanentana mafy ireo mpianany mba hanana finoana ny Mpamonjy (jereo Matio 17:14–21; Lioka 8:22–25). Ireo mpitarika ao amin' ny Fiangonana dia tsy maintsy manana finoana fa Jesoa Kristy no Mpamonjy sy Mpanavotra antsika. Mampitombo io finoana io amin' ny alalan' ny vavaka, fianarana soratra masina, fankatoavana ary fibebahana izy. Rehefa kolointsika ny voan' ny finoana, dia haniry ao anatintsika izany ary hamoa voa izay tena sarobidy sy mamy (jereo Almà 32:42).

**Fitiavana**

Hoy ny Mpamonjy: "Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. Izany no ahafantaran' ny olona rehetra fa mpianatro hianareo, raha mifankatia" (Jaona 13:34–35). Tokony ho tia ireo olona izay nomen' ny Tompo iandraiketany ny mpitarika. Rehefa tia ny olona ny mpitarika, dia te hanompo azy ireo izy, hampianatra azy ireo ary hanampy azy ireo hiasa ho an' ny famonjena azy ireo.

Eto amin' izao tontolo izao, dia tsy dia mihevitra ireo mpitarika ho mpanompo ny olona. Ny Mpamonjy anefa dia nampianatra tamin' ny alalan' ny Teniny sy ny ohatra nasehony fa ny mpitarika dia tokony hanompo ny olona entiny. Hoy Izy tamin' ireo Roambinifololahy: "Ary izay te ho ambony indrindra aminareo dia ho mpanomponareo" (Matio 20:27). Rehefa manompo ny hafa isika, dia manompo ny Tompo (jereo Matio 25:31–40; Môsià 2:17).

**Fankatoavana**

Nametraka ny ohatra tonga lafatra amin' ny fankatoavana sy fanoavana ny sitrapon' ny Ray any an-danitra i Jesoa Kristy (jereo Matio 26:39; Jaona 5:30). Mila mitandrina ny didin' ny Tompo ireo mpitarika mba hahafahany maneho ohatra ho an' ny hafa ary ho mendrika ny hahazo fitarihana avy amin' ny Fanahy Masina. Maneho fitiavana ny Tompo ny fankatoavana (jereo Jaona 14:15).

Ambara ao amin' ny soratra masina, amin' ny alalan' ireo mpitarika, ary amin' ny alalan' ny fanentanan' ny Fanahy Masina ireo didin' ny Tompo. Rehefa mankatò ireo didy ireo ny mpitarika, dia hanampy azy ireo hanatontosa ny antsony ny Tompo.

**Ny maha-iray**

Tao amin' ny vavaka nataony ho an' ny hafa, dia nivavaka ny mba hahairay ireo izay mino Azy ny Mpamonjy, toa Azy sy ny Rainy (jereo Jaona 17:20–23). Ilaina ny maha-iray ho fa-

hombiazan′ ny lamina rehetra ao ampiangonana. Tsy tokony hiasa tsy miaraka amin′ ireo mpanolotsainy ny filohan′ ny fisoronana sy ny vondrona mpikambana. Afaka manatanteraka bebe kokoa ny Fiadidiana rehefa mitambatra sy miara-mandinika.

**Fahafoizan-tena**

Nisy tovolahy mpanankarena iray nanontany ny Mpamonjy izay tokony hataony mba handovany ny fiainana mandrakizay. "Tandremo ny didy, " hoy ny Tompo taminy. Nilaza ilay tovolahy fa efa nitandrina ny didy hatramin′ ny fahatanorany izy, ary rehefa izany dia nanontany hoe: "Inona no mbola tsy mahatanteraka ahy?" Nilaza taminy ny hivarotany ny fananany rehetra sy ny hanomezany izany amin′ ny mahantra ary ny hanarahany Azy i Jesoa, tamin′ ny fahafantarany ny tao am-pony. "Niala tamin′ alahelo anefa ilay tovolahy, satria nanana fananana be." (Jereo Matio 19:16–22.)

Ao amin′ io toe-javatra io, dia mampianatra ny Tompo fa ny mpitarika dia tsy maintsy mivonona hahafoy ny zavatra rehetra amin′ ny fanarahana Azy. Tahaka ilay tovolahy iray mpanakarena, dia mety hangatahina hahafoy ny fananany rehetra ny mpitarika, na mety hangatahina hahafoy ny fotoany, ny talentany ary ny tanjony manokana mba hampandrosoana ny asan′ ny Tompo. Rehefa mahafoy ho an′ ny Tompo sy ho an′ ny Fanjakany ireo mpitarika, dia mampanantena Izy fa hitahy azy ireo amin′ ny zavatra rehetra (jereo Matio 19:29; F&F 97: 8-9).

## Ny andraikitry ny mpitarika

**Mametraka tanjona**

Ny mpitarika dia mahafantatra fa ny fikatsahana fitarihana avy amin′ ny Tompo momba izay tiany hataon′ izy ireo entina amim-bavaka dia zava-dehibe eo amin′ ny antsony. Ny fametrahana tanjona, miaraka amin′ ny fitarihan′ ny Fanahy, dia hanampy azy ireo hanao ny asa izay efa nomen′ ny Tompo azy.

Rehefa mametraka tanjona ny mpitarika dia tokony hanao drafitra ny fomba hahatrarana izany. Ohatra, mety hametraka tanjona hampitombo ny isan′ ireo mpanatrika ny fivorian′ ny Fanasan′ ny Tompo ao amin′ ny distrika ny filohan′ ny distrika. Mety ho ao anatin′ ny drafitra ataony ny fangatahana ireo filohan′ ny sampana hanasa ny mpikambana rehetra ao amin′ ny sampana hanolo- tena hanatrika ny fivorian′ ny Fanasan′ ny Tompo.

Afaka manentana ireo mpikambana hametraka sy hanatratra tanjona manokana ny mpitarika. Azon′ ny mpitarika atao ny manolotra tanjona ho an′ ny olona tsirairay, saingy tokony hametraka tanjona ho an′ ny tenany

manokana sy hanao drafitra hahatrarana izany izy ireo.

**Manao drafitra sy manome fahefana**

Ireto dingana manaraka ireto dia hanampy ny mpitarika ny fisoronana sy ny vondrona mpikambana hamolavola fivoriana, fiaraha-mientana, vinavinan' asa fanompoana, ary tanjona mba hanaovana ny asan' ny Tompo ary azo ampiasaina amin' ny fifandraisana amin' ny mpikambana sy ny fihavanana amin' ny tsy mpikambana. Hanampy ireo mpitarika handamina fampianarana isantokantrano sy ny famangiana isan-tokantrano ataon' ny Fikambanana Ifanampiana ireo dingana ireo ary hanampy ireo mpitarika ny fisoronana amin' ny fiantsoana ireo mpikambana hanompo amin' ny toerana sahanina ao amin' ny sampana.

1. Mamolavola sy mikarakara. Ny mpitarika no mamolavola izay rehetra fivoriana, fiaraha-mientana, ary tarigetra mba hananana tanjona ara-pilazantsara. Amin' ny fanaovana ireo drafitra ireo, dia mangataka ny hafa, toy ny mpanolotsainy ny mpitarika hanome hevitra sy hanampy amin' ny fikarakarana.

2. Mivavaka. Mivavaka mba hahazo fitarihana amin' ny alalan' ny fanentanan' ny Fanahy ireo mpitarika rehefa manao sy manomboka mampihatra ireo drafitra. Mivavaka ihany koa izy ireo hahazo fitarihana hahafantatra izay tokony hantsoiny hanampy amin' ilay asa.

3. Manome fahefana. Ny mpitarika tsara dia manasa ny hafa hanampy, satria fantany fa tsy afaka ary tsy tokony hanao irery ny zavatra rehetra izy. Manome fahefana izy mba hanampy ny hafa hampitombo ny fahafahafaha-manaony amin' ny fanomezana traikefa azy ireo. Manazava ny drafitra amin' izy ireo izy. Rehefa izany dia manome fahefana (manendry) ny olona tsirairay amin' ny asa mazava izy, manazava ireo andraikitra sy fitahiana amin' ny fanatanterahana ny asa.

4. Manampy sy manohana. Rehefa avy manao drafitra, mivavaka ary manome fahefana ny mpitarika dia manohana ireo nomeny andraikitra. Ampianariny azy ireo izay ilainy ho fantatra ary manolo- tena hanampy izy fa tsy manao ilay asa nampanaoviny azy ireo. Maneho ny fitiavany sy ny fahatokiany izy ary manentana azy ireo hampiasa ny heviny sy ny aingam-panahiny manokana fa tsy miziriziry ny hanaovana ireo zavatra araka ny fomba tiany. Manitsy azy ireo izy na mampanova azy ireo izay ataony raha tsy maintsy ilaina izany.

5. Manara-maso. Rehefa avy manome asa ny mpitarika dia mangataka

matetika ny hanaovana tatitra ny fandrosoan' ilay asa. Azony atao amin' ny resaka tsy ampoizina izany, mandritra ny fivoriana na mandritra ny tafa sy dinika manokana. Mandritra ny tatitra, dia misaotra ilay olona ilay mpitarika ary manolotra fankatelemana sy fankaherezana amim-pahatsorana. Azony atao ihany koa ny miresaka ny fomba azo nanaovana ilay asa nampandraiketina tsaratsara kokoa.

6. Manombatombana. Rehefa vita ilay asa nampandraiketina, dia tombatombanan' ny mpitarika miaraka amin' ireo olona tsirairay notendrena izany. Maneho fisaorana, miresaka ny lanjan' ny zava-bita, ary afaka manome asa hafa ho an' ilay olona izy.

**Manomana fandaharam-potoana**

Ny fandaharam-potoana dia drafitra amin' ny fivoriana. Mety ho an' isan'izany ny vavaka, hira, torinteny, filazana, raharaha, tatitra ny amin' ny asa nomena, asa vaovao, ary zavatra hafa manan- danja. Ny fandaharam-potoana voasoratra dia hanampy ny mpitarika hahazo toky fa voadinika ireo zavatra tena manan-danja ary manampy amin' ny fiantohana fa ampiasaina amim-pahendrena ny fotoam-pivoriana. Manampy azy hitarika ny fivoriana amin' ny fomba milamina ihany koa izany.

Ny olona izay miahy na miandraikitra no manomana ny fandaharam-potoana amin' ny ankapobeny. Iantohany ny hahatafiditra ny zavatra rehetra ilaina hanatanterahina ny tanjon' ny fivoriana. Ny olona iray izay manomana ny fandaharam-potoana dia manapaka ny faharetan' ny fotoana laniana amin' ireo zavatra tsirairay ao amin' ny fandaharam-potoana. Raha kely loatra ny fotoana misy iresahana ireo zavatra rehetra, dia ataony amin' ny fandaharam-potoana ho amin' ny fivoriana manaraka ny sasany amin' izany.

**Mitondra fivoriana**

Ny olona izay mitondra ny fivoriana no mpitarika izany fivoriana izany. Izy no milaza ny anaran' ireo izay hivavaka, handray fitenenana, hitarika ny hira, ary hanao ireo zavatra hafa mandritra ny fivoriana. Ny olona izay mitondra ny fivoriana dia tokony hanaja ary tokony hitondra ny fivoriana araka ny fitarihan' ny Fanahin' ny Tompo.

Ny olona izay miahy ny fivoriana dia afaka mitondra izany na mangataka olona hafa hitondra izany eo ambany fiahiany. Ohatra, ny filohan' ny sampana dia afaka mangataka ny iray amin' ireo mpanolotsainy hitondra ny fivorian' ny Fanasan' ny Tompo, na ny filohan' ny kôlejy dia afaka mangataka ny iray amin' ireo mpanolotsainy

hitondra ny fivorian' ny kôlejy. Azo arahina any amin' ny fivorian' ny vondrona mpikambana io fitsipika io.

## Filankevitra



Ny Tompo dia mitantana ny Fanjakany amin' ny fitsipiky ny filankevitra. Ireo mitondra ny fivorian' ny filankevitra, toy ny fivorian' ny filankevitry ny sampana, ny fivorian' ny komity mpanatanteraky ny fisoronana, ary ny fivorian' ny fiadidiana ny fisoronana sy ny vondrona mpikambana (jereo ny *Torolalana ho an' ny sampana*), dia tokony hampihatra ireto fitsipika lehibe manaraka ireto:

- Mifantoka amin' ny fotopampianarana sy ny fitsipiky ny Filazantsara, fa tsy amin' ny zavatra mifototra amin' ny eritreritra.
- Mifantoka amin' ny olona tsirairay sy ny fomba hankaherezana azy ao amin' ny Filazantsara, amin' ny fahatsiarovana ny fitandrovana mandrakariva ny fampahalalana mifono tsiambaratelo.
- Manao izay hisiana fanehoan-kevitra malalaka sy mazava, izay manome fahafahana ny rehetra mba hohenoina. Tsy maintsy mihaino toy ny miteny ihany koa ny mpitarika.
- Manohana sy manampy hanatontosa ireo fanapahan-kevitr' ireo mpitarika miahy.
- Mitarika amim-pitiavana sy amimpiahiana ho an' ny mahasoa sy ny ilain' ny rehetra.

## Fitanana ny tsiambaratelo

Tsy tokony hamoaka ny tsiambaratelo na amin' iza na amin' iza ny mpitarika, na amin' ny tafa sy dinika aradalana izany na amin' ny resaka tsotra. Ny zavatra fantatra avy tamin' ny tafa sy dinika sy ny fibabohana ary ny fampahalalana toy ny fahafolonkarena sy ny fanatitra izay alohan' ny olona dia tsy maintsy tanana ho tena tsiambaratelo. Tsy tokony hiresaka manokana momba ny fiainan' ny olona iray amin' ny hafa, anisan' izany ny mpanolotsainy sy ny vadiny, ny mpitarika, raha tsy hoe manome lalana angaha ilay olona. Ny mpitarika izay tsy mitandrina ny fihazonana ny zavatra tsiambaratelo ho tena tsiambaratelo dia mety hamparefo ny fijoroana ho vavolombelona sy ny finoana ananan' ireo izay tompoiny ary hampihena ny fitokiany aminy.

# Fahazoana fitaovam-piangonana sy fampahalalana miompana amin’ ny tetiarana

Afaka mahazo fitaovam-piangonana ny mpitarika sy mpikambana eo antoerana, toy ny soratra masina, fandaharam-pianarana, gazetibokim-piangonana, garmenta ary fitafiana any amin’ ny tempoly, avy any amin’ ireo foibe fanapariahana na foibe miandraikitra izany ao amin’ ny Fiangonana ho azy ireo, avy any amin’ ny Foibe fanapariahana any Salt Lake City, na avy amin’ ny faritra Internet misy an’ ny Fiangonana, izay ao amin’ ny www.Lds.org

Ny fampahalalana momba ny tetiaram-pianakaviana dia hita ao amin’ ny faritra Internet misy ny

tetiaram-pianakavianan’ ny Fiangonana, izay ao amin’ ny www.Familysearch.Org

NY FIANGONAN' I

# JESOA KRISTY

HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

MALAGASY

4 02311 78654 1

31178 654